Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Janvier 2013

I. Teny mahavelona

Mijery, maheno, manara-dia, mitady

Evanjely tamin'i Md Joany 1,35-42

Nony ampitson'izay indray, dia mbola teo koa Joany sy ny mpianany roa lahy; ka hoy izy nahatazana an'i Jeso nandalo: Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra. Nandre izany ireo mpianany roa lahy ireo, dia nanaraka an'i Jeso. Ary nitodika Jeso ka nahita azy ireo nanaraka azy, dia nanao taminy hoe: Inona no tadiavinareo? Ary hoy izy ireo taminy: Raby, (izany hoe, ry Mpampianatra, raha adika) aiza hianao no mitoetra? Dia hoy izy taminy: Avia fa ho hitanareo. Dia nandeha izy ireo ka nahita izay nitoerany, sy nitoetra teo aminy tamin'iny andro iny; ary tokony ho tamin'ny ora fahafolo tamin'izay.
Andre rahalahin'i Simona Piera no anankiray tamin'izy roa lahy izay nandre ny tenin'i Joany ka nanaraka an'i Jeso. Ary ny olona voalohany nifanena taminy kosa dia Simona rahalahiny ka nilazany hoe: Efa hitanay ny Mesia (izany hoe ny Kristy, raha adika). Dia nentiny nankany amin'i Jeso izy, ka nony nijery azy Jeso dia nanao hoe: Hianao no Simona zanak'i Joany; hatao hoe Sefasy hianao, izany hoe, Piera.

Fandinihana

✩ ***Mijery, maheno, manara-dia, mijanona, mitodika, tonga, mitady, mitoetra, mitantana, mahita, mitondra, miantso…*** *Ireo karazana matoanteny ireo no mamintina ny fiandohan'ny tantara, tantara izay andraisantsika anjara ihany koa nohon'ny finoana.*

✩ ***"Inty ny zanak'Ondrin'Andriamanitra"*** *I Joany mpanao batemy no nijoro ho vavolombelon'i Jesoa. Izany no tena olona mandray andraikitra satria ny fifandraisana rehetra nananany tamin'ny hafa, ny mpianany sy ny manodidina azy dia nentiny nanentanana azy ireo hitodika any amin'i Jesoa Zanak'Ondrn'Andriamanitra avokoa; izay nirina ho azy sy ho an'ny hafa...*

✩ ***« Ry mpampiantra ô! Aiza ianao no mitoetra? »*** *Izany fanontaniana izany dia manokatra fifampiresahana sy mitaky fihaonana amin'olona iray ihany koa. Mamporisika ny olona hiatrika izay ho avy sy handray an-tanana ny ho aviny. Izany no toetra tokony ananan'ny olona te-ho mpianatr'i Jesoa . Fanontanian'ny olona sahy mijoro amin'ny finoany izany ka mampandroso azy hanatevin-daharana ireo kristianina ....*

✩ ***"Nahita ny Mesia izahay"*** *Izany no tenin'ireo mpianatra nanara-dia an'i Jesoa taorian'ny fijorona vavolombelona nataon'i Joany. Anjaran'izy ireo indray izao no mijoro vavolombelon'ny fihaonana tamin'i Jesoa , ny Mesia. Nisy zavatra voarain'izy ireo tamin'ny fihaonana tamin'i Jesoa ka tsy hain'izy ireo ny hangina ka tsy hizara izany; dia ny Vaovao Mahafaly, izay natao indrindra zaraina amin'ireo tiana.*

Fotoana fandinihanao mangina

✫ Iza avy ireo olona nanampy sy manampy anao hihaona sy hahafantatra an'I Jesoa ?

✫ Soraty raha toa ka efa eo an-dalam-pahitana an'I Jesoa ianao

✫ Hatramin'ny nahalalanao an'I Jesoa: inona avy ireo fiovana tamin'ny fiainanao ary inona koa ireo mbola mitaky fanovana ?

II. Vatsy

SORI-DALANA « ASA FAMPIELEZANA NY FIANGONANA »

“AD GENTES”

2. Ny lahatr’Andriamanitra

Ny tena toetry ny Fiangonana eto an-tany iraka, satria izy nirahina hanohy, ny raha nanirahana ny Zanaka, sy ny nanirahana ny Fa: Masina, araka ny lahatr' Andriamanitra Ray. Ny fitiavana no loharano nipoiran'izany lahatr'Andriamanitra izany, ny fitiavan' ny Ray izay iaviana sy tsy avy amin' ny hafa, miteraka ny Zanaka, ary iavian'ny Fanahy Masina amin' ny alàlan' ny Zanaka.

Tsy nisy nanery an' Andriamanitra, fa hatsarampony lehibe indrindra sy famindram-pony ranofotsiny no nahariany antsika sy niantsoany antsika maimaimpoana hiombona aina sy voninahitra aminy.

Tsy misy fetra ny famindram-po atosany lalandava amintsika; ka Izy, ilay Mpahary ny zava-drehetra dia tonga « Zavatra rehetra amin' izy rehetra » (1 Kôr. 15, 28) ; ka sady voninahitra ho azy izany no hasambarana ho antsika.

Sitrak' Andriarnanitra ny niantso ny o1ombelona hiombon' aina aminy, tsy mandeha irery fotsiny samy olon-ko azy akory, fa novoriny ho vahoaka anankiray, hiangonan' ny zanany efa niely (jereo Jn. 11, 52).

5. Ny Fiangonana irahin’i Kristy

Vantany vao nanomboka ny raharahany i Jesoa Tompo dia « niantso izay tiany hankeo aminy Izy… ary nanendry roa amby ny folo lahy tamin’izy ireo Izy hiara-kitoetra Aminy sy hirahiny hitory teny » (Mk. 3, 13-14 ; jereo Mt. 10, 1-42). Arak' izany, ny Apôstôly no masom-boavahin’ ny Israely vaovao, sady fiandohan' ny ambaratongam-pitondrana ao amin' ny Fiangonana. Rahefa maty ny Tompo ary nitsangana tamin' ny maty ho famonjena antsika sy ho fanatanterahany ny misterin' ny fanavotana, ary ho fanamboarana indray an' izao tontolo izao, dia nandray ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany Izy (jereo Mt. 28, 18), ary nanorina ny Fiangonana ho famonjena ny olona, talohan' ny nampakarana azy any andanitra (jereo Asa, 1, 11) ; dia tahaka ny nanirahan' ny Ray Azy ihany (jereo Jn. 20, 21) no nanirahany ny Apôstôliny ho amin' izao tontolo izao, sy nandidiany azy ireo hoe : « Mandehana ianareo, mampianara ny firenena rehetra, manaova batemy azy amin’ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina ; ampianaro izy hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo » (Mt. 28, 19-20). « Mandehana ianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny Vaovao Mahafaly amin’ny voaary rehetra. Izay hino ka hatao batemy dia ho vonjena, fa izay tsy hino dia hohelohina ». (Mk. 16, 15-16). Toy izany no nandidiany ny Fiangonana hampiely ny finoana sy ny famonjena nentiny.

Etsy an-daniny aloha, tendry mazava izany, noraisin' ny Eveka tamin' ny Apôstôly, sy ireo pretra mpanampy azy, miombona amm' ny Dimbin'i Piera, Mpiandry ambony

indrindra ao amin' ny Fiangonana. Etsy an-kilany koa, ranon' aina zarain' i Kristy Loha amin' ny Fiangonana Vatany izany, i Kristy izay iankinan'ny tena manontolo, ka « mahatonga ny rantsambatana rehetra hilamina fatratra, hikambana mafy, hifanampy hatrany, samy miasa araka ny anjarany tsirairay avy, ka mitombo sy toa mandrafitra tena amin'ny fitiavana » (Efez. 4, 16).

Ho tanteraka ny raharaha nanirahana ny Fiangonana raha manao sy miasa araka ny didin'i Kristy izy, etsehin' ny fahasoavan' ny Fanahy Masina sy ny fitivana, ka miara-misalahy amin' ny olona rehetra sy ny firenena rehetra mba hitarika azy hanana ny finoana sy ny fahafahana ary ny fiadanan'i Kristy, amin'ny ohapitondran-tena, ny toriteny, sy ny sakramenta ary ny zavatra hafa ahazoam-pahasoavana ; hany ka ny Fiangonana dia toy ny làlana malalaka sy azo hahazoana anjara betsaka amin' ny misterin' i Kristy

Nirahina ny Fiangonana hanohy sy hanitatra hatrany ny raharaha nanirahana an' i Kristy, iz rahina hanambara amin' ny mahantra ny Vaovao Mahafaly. Noho izany, ny làlana narahin' i Kristy no tsy maintsy omban' ny Fiangonana, tarihin' ny Fanahin'i Kristy : izany hoe manaraka ny fahantrana, ny fanekena, ny fanompoana ary manolo-tena hatramin' ny fahafatesana, izay noresen' i Kristy tamin' Izy nitsangan-ko velona.

Nentanim-panantenana toy izany ireo Apôstôly, ka nizaka ny fahoriana sy ny fijaliana marobe, nentiny nameno izay tsy ampy amin' ny fijalian' i Kristy ho fanasoavana ny Tenany, dia ny Fiangonana (jereo Kôl 1, 24). Matetika koa, ny ran' ny kristianina dia tahaka ny voa afafy ipoiran-kristianina vaovao.

Réfléchissons avec l'Eglise…

1. Quel es le motive pour lequel l'Eglise est missionnaire?
2. Quel est la principal tâche de l'église missionnera?
3. A quoi t'engage à toi comme chrétien cette texte?

III. *Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco*

Mizara roa miavaka tsara ny fampianarana ato amin'ny fizarana fahatelo antysoina hoe: Sekonin'i don Bosco ity.
Indro ary atolotra antsika amin'ny taratasy fanampiny (Annexe 1) ny fianarana ny Système preventif" (Azo lazaina fianarana teorika).
Io fampiarana teorika io kosa no handeha halalinintsika mandritra ny fampianarana izay hataontsika.
Jerentsika manokana ny fomba nentin'i don Bosco nanabe ny tanorana ka nahatonga azy nampita ity harena sarobidy ity dia tsy inona izany fa ny "Système preventif". Ireto ary ireo tanora izay anisany nampiarany ity fomba fanabeazana ity: Barthelemy Garelli; Michel Magone; Domenique Savio; François Besucco; Ireo tanora tany am-mponja izay nentina nitsangatsangana.
Ho tantaraina tsirairay ny fifandraisan'i don Bosco tamin'ireo tanora ireo ary ho dinihintsika manokana ny tantara ka toy izao ny fomba hatao: halaina eo ambany maso ny taratasy fanampiny (Système preventif) ary vakiana miadana ny tantara. Amin'ny alalan'ireo no hanaovana ny fandinihana ary hiezahana hampiarina amin'ny fiainana amin'ny maha mpanabe antsika.

Fihaonana tamin'i Barthélemy Garelli. *(Jereo ny Boky : "Don Bosco" izay nosoratatan'i Aimé ravalomanana)*

Andro fankalazana an'i Masina Maria tsivoakasikota tamin'izay. Hanomboka ny lamesa fankalazana. I Joseph Comotti mpiandraikitra ny sakristia dia niantso ankizy hanampy azy hiservy lamesa. Tsy nanaiky anefa ilay ankizilahy satria tsy mbola nanao mpiservy. Tezitra i Joseph Comotti ka nokapohiny tamin'ny tahon-kofafa ilay zazalahy ka nandositra. Tamin'izay indrindra i don Bosco no niteny hoe: inona ity hataonao? Nahoana izy no kapohina? ....
Nandeha notadiavin'i Joseph Comotti ilay tovolahy ka nentiny teo amin'i don Bosco rehefa rava ny lamesa.
Iza no anaran'ise?
Barthelemy Garelli
Avy aiza mo ise?
Avy any Asti
Inona no asan'ise?
Mpanao trano
Mbola velona ve ny dadan'ise?
Tsia! Efa maty izy
Ary ny renin'ise?
Efa maty koa
Firy taona ise?

Enina ambin'ny folo
Mahay mamaky teny sy manoratra ve?
Tsia!
Ary mahay mihira ve?
Tsia!
Mahay misioka ve?
Nitokelaka ny hehy i Barthelemy. Izay no tadiaviko. Lasa mpisakaiza nanomboka teo izahay.
Efa nanao komonio ve?
Tsia
Ary efa nikonfesy ve?
Eny, fony izaho mbola kely
Mianatra katesizy ve ise?
Tsy sahy aho, fa maneso ahy ireo ankizy noho izaho efa be taona...
Raha ampianariko katesizy manokana ve ise dia ho avy ?
An-tsitrapo mihintsy.
Eto ihany ve?
Raha tsy ho kapohina aho
Aza manahy fa namako ise, tsy ho azon'iza n'izaho kasihina intsony ise manomboka androany.
Rahoviana no tian'ise hanomboantsika izany?
Izay tianao.
Izao dia izao?
Tsy maninona.
Dia niventy ny arahaba ry Maria anankiray izahay ka tao aorian'io dia nampianatra katesizy an'i Barthelemy i don Bosco. Teo am-pamaranana io katesizy io dia hoy i don Bosco:
Tiako ny hiverena'ise amin'ny alahady ho avy izao.
Amin-kafaliana tompoko.
Aza mankaty irery ise fa mitondrà namana.
Dia nifandao teo izy mirahalahy mianaka....

Vakio miadana tsara io tantara io dia Diniho ny fomba fandraisan'i Don Bosco ny tanora. Tsy mba amin-kerisetra fa an-kalemem-panahy tokoa. Mandray ny tanora tena fadiranovana ary mitady izay resaka tsy hampatahotra ny tanora mba hamborahany ny ao am-pony (*Nitokelaka ny hehy i Batrhelemy. Izay no tadiaviko. Lasa mpisakaiza nanomboka teo izahay.)* Mitady ihany koa izay hitondrana ny tanora hahafantatra an'i Jesoa (katesizy). Ary zàrina mba hizara amin'ny namany ny tanora

Fandinihana

- ♥ Inona no tena nanaitra anao tao amin'ny tantara?
- ♥ Aiza ho aiza ao amin'ny Système Preventif ary no tena voaresaka amin'io tantara? Hazavao
- ♥ Mamorona teny faneva iray entinao iainana mandritra ity volana ity?